Vondrona Panorama tetsy Soarano **2**

**Fadio ny mbola hifidy Rajoelina, hoy Roland Ratsiraka**

Tondra-drano any Morondava **3**

**Mitazam-potsiny ny ankamaroan'ny tompon'andraikitra**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


__Anosizato__ **3**

**Lasa ny lisi-pifidianana, nisy namaky ny biraom-pokontany**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 25 febroary 2023 Laharana 1406 Vidiny : **600 Ar**


**Fifampiarahaban'ny TIM Antananarivo** **2**

# Voasakana teny Behoririka, nirohotra nankeny Bel'Air








**Ady any Ukraina** **2**

## Momba ny atsy, momba ny aroa indray i Madagasikara




**Alasora Avaradrano** **7**

## Ho averina amin'ny kaominina ny labatoara lasan'ny sinoa



**Antsiranana-II faritra Diana** **7**

**Aretina hafahafa, omby am-polony no efa maty**

**Tranombarotra Baolai** **6**

**Volana martsa hiavaka miaraka aminy**

**Daka kely**



Tsy voan'ialahy toy ny mitondra firenena ihany ilay mitàna angady ry Boaikely a !

FIFAMPIARAHABAN'NY TIM ANTANANARIVO

# Voasakana teny Behoririka, nirohotra nankeny Bel'Air



*Ny filoha Marc Ravalomanana, teny Bel'Air omaly.*

Araka ny fandaharam-potoana efa nalefa tamin'ny onjampeo, sy ny fahitalavitra ary ny gazety tamin'ity herinandro ity, tokony hifampiarahaba tratry ny taona, tao amin'ny Magro Behoririka omaly, ny avy amin'ny antoko TIM avy amin'ny Boriboritany miisa 6 eto Antananarivo Renivohitra. Vao maraina anefa omaly io, feno mpitandro filaminana ny nanodidina ny Magro Behoririka, nanakana ny fidirana tao amin'ity toerana ity. Na nisy aza ny fifampiraharaharahana nataon'ireo depiote TIM, notarihan'ny filohan'ny vondrona parlemantera TIM, ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, tsy hita any marimaritra iraisana, ka dia nirohotra nandeha an-tongotra avy any Behoririka, nihazo ny foiben-toeran'ny TIM teny Bel'Air Ampandrana ny rehetra. Namakivaky an'i Behoririka, Tsiazotafo, Rasalama, Ampandrana ary tonga tao Bel'Air. Noho izay antony izay, tonga tampoka tao nanotrona ny rehetra efa vory lanona tao, ny filoha Marc Ravalomanana. Nambarany tamin'izany ny tsy tokony hanomezana tsiny ny mpitandro filaminana, baiko no azon'izy ireo hoy izy. Na izany aza, naneho alahelony toy ny rehetra izy, satria Asaramanitry ny taom-baovao no saika hankalazaina tao Behoririka, toy izany koa ny mbola fanentanana ny rehetra hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana ary ny fizarana ny nofon-kena mitam-pihavanana amin'ny maha-lanonan'ny taom-baovao azy. Hoy indrindra ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izany: "Na eo aza ireo sakana sy ramatahora, miroso hatrany isika hanentana ny olom-pirenena hanoratra anarana ao anaty lisitry ny mpifidy. Na inona na inona sakana dia tanteraka foana ny fivoriana ataontsika, satria Andriamanitra no momba antsika." Tsy tontosa tao Behoririka ny fihaonana, ka dia izao nafindra teny Bel'Air izao. Na izany na tsy izany, fahombiazana no azo ilazana iny hetsiky nataon'ny antoko TIM omaly iny, satria mpikatroka maro no nanatrika izany, nanomboka teny Behoririka, ka hatreny Bel'Air.

**Isambilo**

Antsojay amin'ny antoko politika

# Nihaona tamin'ny filohan'ny CENI ny birao politikan'ny TIM



*Ny avy amin'ny birao politikan'ny antoko TIM, teny amin'ny CENI Alarobia-Ivandry afak'omaly.*

Manoloana ny fanakatsakanana ny hetsiky ny antoko politika misy amin' izao fotoana, indrindra ny hetsika fifampiarahabana tratry ny taona ataon'ny antoko TIM, sy ny hetsika fanentanana ataony, ny hidiran'ny rehetra tonga taona amin'ny lisi-pifidianana, nihaona tamin'ny filohan'ny CENI, vaomieram-pirenena misahana ny fifidianana, Dama Andrianarisedo, ny alakamisy teo, ny birao politikan'ny antoko TIM, notarihan'ny sekretera jeneraliny, Rina Randriamasinoro. Ho tohin'ny taratasy efa nalefan'izy ireo tany amin'ny Praiministra Ntsay Christian, ity fihaonana tamin'ny filohan'ny CENI ity, ny amin'ny tsy tokony hanakanana ny hetsiky ny mpanao politika sy ny antoko politika, amin'ny fanentanana ny olona hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana. Araka ny tatitra nataon'ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM tao aorian'ny fihaonana, ao anatin'ny asan'ny antoko politika izany fanampiana ny CENI izany amin'ny resaka fifidianana, ka tsy tokony hisy ny antsojay, fanakanana sy ny ramatahora. Ny zava-nisy anefa omaly aloha, mbola nisy ny fanakantsakanana tao Behoririka. Midika fa miaina ao anatin'ny fitondrana jadona isika, na ny mifanakaikikaiky amin' izany.

**Isambilo**

Vondrona Panorama tetsy Soarano

# Fadio ny mbola hifidy Rajoelina, hoy Roland Ratsiraka

Nifampiarahaba tratry ny taona vaovao tetsy amin' ny PK 0 Soarano ny avy amin'ny Vondrona Panorama: Paik'ady ANOrenana ny RAhampitson'i MAdagasikara ny alakamisy teo. Ny vondrona Panorama, izay ahitana fikambanana sy antoko politika miisa 17. Nahitsy sy nafonja ny teny nataon'ny Filohan'ny antoko MTS (Malagasy Tonga Saina), Roland Ratsiraka, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny disitrikan'i Toamasina I raha nampita hafatra ho an'ny vahoaka malagasy teo anatrehan'ny mpanao gazety nandritra izany. "Amin'ny fifidianana Filoham-pirenena amin'ny faran'ny taona ity dia aza misy mifidy an'io Prezida Andry Rajoelina io isika vahoaka malagasy fa olona mpamitaka, mpandainga io. Aleo hijery olona fa raha Filoha ankehitriny aloha tena tsy misy ilana azy intsony", hoy i Roland Ratsiraka. Nisolotena ny filohan'ny antoko TIM Marc Ravalomanana nandritra ity fotoana ity kosa ny depioten'Ambohidratrimo Mamy Rabenirina, mbola nanentana ny rehetra hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana ny tenany, ilaina ihany koa hoy izy ny fifampiresahana sy ny fifampidinihana mba hisian'ny fifidianana mangarahara sy eken'ny rehetra, amin'ny fifidianana filohampirenena amin'ny faran'ity taona ity eto amintsika. Marihina fa nosakantsakanan'ny mpitandro filaminana ihany koa, io hetsika fifampiharabana tratra ny taona, nataon'ny vondrona Panorama tao amin'ny PK 0 io.

**Niaina**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Ady any Ukraina

## Momba ny atsy, momba ny aroa indray i Madagasikara

Mivadibadika beny ihany ny diplaomasia Malagasy amin'izao fotoana, midika ho tsy fahamatoran'ny mpitondra eto amintsika mihitsy izany. Fantatra indray izao fa momba ny atsy, sady momba ny aroa i Madagasikara amin'ny ady any Ukraina. Nisy ny latsa-bato mahakasika izay ady eo amin'ny Rosiana sy ny Ukrainiana izay tamin'ity herinandro ity, tany New-York misy ny foiben-toeran'ny Firenena Mikambana. Faninefany tao anatin'ny herintaona izao ny Firenena Mikambana no manameloka ny fanafihana ataon'i Rosia an'i Ukraina.

Afak'omaly, ireo firenena 193 mpikambana no nifidy indray ny fanerena avy hatrany ny miaramila Rosiana hiala any Ukraina, ka anisan'ireo firenena nanaiky izany i Madagasikara, nandatsa-bato nankato, izany hoe manameloka an'i Rosia. Nefa volana vitsy izay, nilaza ho tsy momba ny atsy, tsy momba ny aroa i Madagasikara, nefa ny ministry ny raharaham-bahiny tamin'izay fotoana izay efa nanameloka an'i Rosia, ary niafara tamin'ny fanalana ity lehiben'ny diplaomasian-tsika teo aloha ity mihitsy moa izany fanapahan-kevitra noraisina tany New-York izany. Izao anefa dia manameloka an'i Rosia indray i Madagasikara, miaraka amin'ny be sy ny maro ihany. 7 kosa ireo firenena nanohitra dia i Rosia, Biélorussie, Syrie, Korea Avaratra, Mali, Nicaragua, Erythrée. 32 kosa ireo firenena tsy naneho hevitra, ka anisan'ireny i Chine sy Inde.

Ny governemanta sinoa dia nangataka amin'ireo firenena 2, mba tsy hanafika ny olon-tsotra ary tsy hampiasa fitaovam-piadiana nokleary. Nitsingerina omaly 24 febroary ity adin'ny mpirahalahy any Ukraina sy Rosia ity, noho ny ady tany, ady sisintany, ady faritany. Efa maro hatreto ny fahavoazana, na ny olona maty izany, na ny fahapotehan'ny foto-drafitrasa isan-karazany, fanirian'ny maro ny hitsaharan'izao ady izao, satria misy fiantraikany amin'ny toekarena sy ny sosialy eran-tany izany.

**Niaina**



*Ny fifampiarahabana tratry ny taonan'ny vondrona Panorama ny alakamisy lasa teo.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy misy mpiaro fa voailika ny vahoaka madinika

Tsy vonona ny hiaro ny madinika sy ny sarambabem-bahoaka izao fitondrana Rajoelina izao. Manaporofo izany indray ny zava-mitranga eny Ampefiloha akaikin'ny Cnaps eny, izay misy ireo mpivarotra maro isan-karazany efa teo hatrizay elabe nanao fihariana teo. Niaraha-nahalala tsara noho ny fampahafantarana nataony, fa mandalo olana mafy izy ireo, satria tadiavina ailika eo amin'ny toerany hidiran'ny mpanambola. Fotoana elaela no nanaovan'izy ireo fanoherana izany sy ny nanamporofoiny fa izy ireo no nanajary izany toerana izany nandritry ny taona marobe. Niaraha-nahita ireo banderole napetrak'izy ireo naharitra teny amin'ny tafon'ny toerampivarotany. Tsy nisy dikany avokoa anefa ny ezaka nataony raha ny fahitana ny zava-misy eny an-toerana amin'izao fotoana izao. Nijoro sy nijoalajoala ny tranobe vaovao, ary haingana dia haingana tokoa ny famitana azy na dia mbola tsy vita hatramin'ny farany aza. Ny nitranga, voailika ireo mpivarotra madinika marobe nanamorona ny sisin-dalana rehetra tamin'io toerana io. Izany hoe, resy ilay vahoaka, tsy nisy mpiaro, notazanin'ny fitondrana lavitra fotsiny, fa tsy nisy fepetra noraisiny na kely aza. Midika izany, fa misy ampahana vahoaka vaovao indray, voatohintohina ny fihariany sy ny fivelomany, fa ny toerana an'ny mpanambola mpanefoefo eto amin'ity firenena ity. Tsy nivonona hanatsara ny fiainam-bahoaka izao fitondrana izao. Porofo iray mitohoka amin'ny tendany io zava-misy eny Ampefiloha io. Fihatsarambelatsihy sy lainga bevava raha mbola miteny izany izao fitondrana izao. Asakasak'izay mbola voafitaka amin' izany, ka hanao vain-drahalahy tsy mahadrary. Raha mbola mitohy izao fitondrana izao, dia inoana fa mbola hitombo ireo ho voailika amin'ny toerana misy azy izay anaovany fihariana. Izany ny toe-javatra iray manjo ny vahoaka malagasy tato anatin'izao fitondrana Rajoelina izao, ary santionany ihany io nambara io.


***Sôh'son***

ANOSIZATO

# Lasa ny lisi-pifidianana, nisy namaky ny biraom-pokontany

Tranga mahavariana sy mampieritreritra no nitranga tao Anosizato, heverina fa tsy asan-jiolahy tsotra fotsiny no nitranga, fa asan-jiolahy politika mihitsy ihany koa. Nisy namaky ny biraom-pokontany tao Ambanimaso Anosizato, ka lasan'ireo olon-dratsy tamin'izany ny lisi-pifidianana. Manontany tena ny rehetra, tsy halatra tsotra no nisy, fa heverina fa nisy mpanao politika naniraka ireo olon-dratsy haka ny lisi-pifidianana tao amin'izany biraom-pokontany izany. Ny ankamaroan'ny mpanao politika anefa amin' izao fotoana dia samy manentana, ny amin'ny hisoratan'ny rehetra anarana amin'ny lisi-pifidianana, ho an'ireo rehetra izay feno taona, ka tokony hifidy. Iza no manana tombontsoa amin'ny fanaovana ankasomparana amin'ny lisi-pifidianana izao? Ny fanadihadiana sy ny famotorana ataon' ny mpitandro filaminana no hamaly izay. Ho hitantsika eto ihany ny ho tohiny.

***Stefa***



*Lisi-pifidianana, tamin'ny fifidianana farany natao teto amintsika.*

Tondra-drano any Morondava

# Mitazam-potsiny ny ankamaroan'ny tompon'andraikitra

Vokatry ny fiakaran'ny ranon'i Kabatomena, taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Freddy teto Madagasikara, dia isan'ireo faritra mizaka ny vokadratsin'izany koa ny faritra Menabe, noho ny rano be izay avy any amin'ny faritra avo tokony hivarina an-dranomasina, izay mandalo amin'ny vavaranon'i Kabatomena, vavarano efa simba tanteraka ka mila fanamboarana. Tokantrano 221 no voatery niala ny tranony noho ny ranobe izay nihoatra an'i Kabatomena, nandrakotra ny fokontanin'i Ampasy sy Antanambao. Nafindra ao amin'ny site EPP Ampasy ny tokantrano 173, raha ao amin' ny site Betela kosa ny tokantrano 48. Ny mahagaga dia toa maro ireo tompon'andraikitra tsy taitra akory manoloana izao voina mahazo ny mpiarabelona eto izao, tompon' andraikitra tokony hitady vahaolana ho an'ny vahoakan'i Menabe izay tradoza, zara raha nisy talem-paritra : tsy mahafeno ny isan'ny rantsantanana 5 akory, nivory tao amin'ny C.O na centre opérationnel nanotrona ny Préfet sy ny sekretera jeneraliny, niaraka tamin'ny mpandrindram-paritry ny BNGRC. Hatreto dia tsy misy afatsy vary 350 kg sy voamaina 50kg no misy, fa vao miezaka mitady vahaolana ho an'ireo tra-doza ireo tompon'andraikitra, izay hita fa tena tompon'andraikitra tsy miamboho adidy ka miantso izay malala-tanana sy tsara sitrapo, mba hanolotra izay azony atolotra ho an'ireo traboina, satria dia mitazam-potsiny ireo tompon'andraikitra maro an'isa eto Morondava, nefa ny traboina tsy misy afa-tsy savony sy fitaovam-pidiovana avy amin'ny fitaleavam-paritry ny rano no mba natolotra azy ireo, nefa maro amin'ireo traboina no tsy misy sakafo, mitebiteby amin'ny tranony dibo-drano, misy ny fananany, izay tsy maintsy nialany noho ny rano be, nefa ireo mpangalatra mitondra lakana mangalatra ny hasasarany nandritra ny taona maro.

***Rajepa***



*Tondraka ny rano any Morondava.*

AFK

# Fiarahamonina – andraikitra

Maro ny toe-javatra mitranga indrindra tato ho ato teto amin'ny firenena. Misy ireo tsy fanta-bahoaka hatramin'izay, fa mipoitra avy amin'ny resaka nataon'ireo olona sasany te-hampahalala amin'ny mpiray tanindrazana ny zava-misy eto amin'ity firenena ity. Zava-misy izay tena mahakasika ilay vahoaka eo amin'ny fiainany andavanandro eo, kanefa tsy noheveriny loatra, na henony ihany dia mijanona eo. Dia ho sanatria ve ny toy izany ho toy ny « rano araraka an-damosin-gana »ihany ? tsy hisy akony amin'ny tokony hiantefany? Anisan'ny iray nasongadin'ireo mpamakafaka, ohatra, ny amin'ny volabe tsy hita pesimpesenina arotsaka ao amin'ny orinasa Jirama, sy ny trosaben'ny mpandraharaha momba ny solika amin'ny Jirama na amin'ny fanjakana. Anisan'ny ihodinan'ny resaka hatrany ao anatin'izany ny momba ny solika izay tsy maintsy jifain'ity orinasa malagasy ity. Nisarika ny sain'ny maro anefa ny mpamakafaka sy mpandinika na ny mpahay toekarena, fa misy anie i Tsimiroro, izay afaka hamaha ny olana momba izany. Nambara mihitsy koa aza fa hipàka hatrany amin'ny fiainana andavanandron'ny mponina izany tombontsoa izany? Ny fanontanian'ny rehetra hatrany, fa maninona no tsy mampiraika ny fitondrana izany? Misy antony lehibe ao amin'ny resaka tombontsoa.

Izany anefa efa nampahafantarina ny vahoaka, fa nahoana no tsy mijoro ny olom-pirenena? Eo indrindra no resaka, mila mijoro ary mandray andraikitra ny olompirenena. Dia ho sanatria ve ho rambony ihany miohatra amin'ny hafa amin'ny fandraisana andraikitra eo amin'ny fireneny ny olom-pirenena malagasy? Mila manova toe-tsaina ny maro. Tsy resaka politika izany, fa tena fahatsapan-tena ho tomponandraikitra eto amin'ity firenena ity, fa firenena iombonana ity, ka samy manana adidy avy ny tsirairay, fa tsy manao ho olonolom-poana eto. Mandrisika ho amin'izay fandraisana andraikitra eto amin'ny firenena izay ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), izay hanao varavarana misokatra ny alarobia 8 Martsa ho avy izao eny Antaninarenina. Laharana ifandraisana 03417 460 53.

***Aris***

## TONONKALO

### Ataovy madio ny lalao

Mpitondra o ! ataovy madio ny lalao  
Fa `nareo toa mitady ny hanao "ankamely ?  
Tsy aleo hatsaraina ny fomba fanao ?  
Mijoroa , misehoa mba ho tena modely !

Ny foloalindahy, zaro hanao asa tsara,  
Fa aza ofanina hanao loham-boto.  
Tsy hisy fivoarana ity Gasikara  
Raha izy no mpiaro ireo olo-maloto !

Ny handamina no antom-pisian`izy ireny,  
Dia `reo miaramila , polisy , zandary,  
Fa tsy hokaramaina izy sy ny lehibeny  
Mba hiaro ireo vandana na koa ny kary !

Tsy hanao famoretana na koa barazy,  
Raha vao misy hetsika mafanafana.  
Tsy `zany no asa natokana ho azy  
Fa ny hampilamina ny eto an-tanàna.

Ka inona no antony hisotasotana  
Raha toa fanaikàna mba hamboly hazo ?  
Sa efa mivoraka rafanjakana  
Ka hetsika kely dia mahavoan`ny tazo ?

Raha toa fivoriana natao hanentanana  
Iretsy vahoaka mba handray adidy,  
Dia rariny ve raha asiam-panakanana  
Nefa dia zo, tena zo ny mifidy ?

***DADAN`i RIANA (22-02-23)***

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny avy amin'ny birao politikan'ny antoko TIM, avy nihaona tamin'ny filohan'ny CENI teny Alarobia-Ivandry, ny alakamisy teo.





Ny fifampiarahabana tratry ny taonan'ny Vondrona Panorama, tao amin'ny PK 0 Soarano, ny alakamisy teo.














## NY TENY FIAINANA

*Dia tonga Mosesy ka nanambara tamin'ny olona ny teny rehetra izay nataon'i Jehovah sy ny fitsipika rehetra. Ary namaly indray miredona ny olona rehetra ka nanao hoe: ny teny rehetra izay nolazain'i Jehovah dia hataonay.*

***Eksodosy 24 : 3***

RUGBY XXL ENERGY TOP 20

# Samy hiakatra an-kianja ny Cosfa sy Ftm



*Fihaonan'ny Cosfa sy ny Ftm tamin'ny alahady teo.*

Taorianan'ny andro fanokafana ny "Championnat Rugby XXL Energy Top 20", tamin'ny alahady 19 febroary 2023 teo, teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka dia raikitra fa ho tontosaina amin'ny alahady 26 febroary 2023 ho avy izao, ny andro voalohany amin'ity fifaninanana ity. Fantatra fa samy hiakatra kianja avokoa ny ekipan'ny Cosfa Miaramila sy ny Ftm Manjakaray, izay nisehoana olana teo amin'ny Super Coupe, amin'io andro io. Fandaharan-dalao amin'io andro voalohany io : 09:00-Cosfa Miaramila # Jsta Ambondrona, 11:00-Us Ikopa Andohatapenaka # Ftba Andohatapenaka, 13:00-Ftm Manjakaray # Ftat Anosibe, 15:00-Tam Anosibe # Fbm Bemasoandro.

**Rainilita**

TurnOver II

# Ho fantatra anio sabotsy ireo ho tafakatra 1/4-dalana



*Lalao andro faha-2 teny amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina.*

Ho fantatra amin'ny andro faha-3 ho tontosaina etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina anio sabotsy 25 febroary 2023, ireo ekipa ho tafakatra amin'ny dingan'ny 1/4-dalana amin'ny fifaninanana baolina kitram-behivavy anaty trano "Tounoi Futsal Feminin Interuniversitaire" na ny TurnOver II, karakarain'ny UCM "Université Catholique de Madagascar". Marihana fa ireo ekipa tsara toerana indrindra aorian'io andro faha-3 io, no hiatrika an'izany dingan'ny 1/4-dalana izany. Fandaharan-dalao andro faha-3 : 12:30-Espa # Meff, 13:30-Aceem # Fsh Ucm, 14:15-Onifra # Istn, 15:00-Fss Ucm # Ium, 15:45-Isps Leader # Fdsp, Fac Science # Usm. Voka-dalao azo tamin'ny andro faharoa : GA-Usm 3 – 2 Ium, GB-Umagis 2 – 2 Ists, GC-Ift 0 – 0 Fsh Ucm.

**Rainilita**

Basket Championnat National N1A Dame 2023

# Any Antsirabe amin'ny volana aprily no fotoana



*Basket-ball N1A Dame Malagasy.*

Ho tontosaina any Antsirabe amin'ny 15 ka hatramin'ny 23 aprily 2023 ho avy izao, ny fifaninanana basikety « Championnat National N1A Dame 2023 » dingana savaranonando. Toy izao ireo Klioba handray anjara amin'izany : Vondrona A : Mb2All Analamanga, Cospn 2 Atsinanana, Tgbc Betsiboka, Sbbc Boeny, Jea Vakinankaratra, Phoenix Vakinankaratra. Vondrona B : Ankaratra Vakinankaratra, Tamifa Amoron'i Mania, Serasera Vakinankaratra, Ascut Atsinanana, Gnbc Analamanga, Fandrasa Matsiatra Ambony.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Pirina lena saosy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tômaty, na lasary voatabia miaraka aminy, ro matsatso anana sy angivy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny voankazo garana



Ny soa azo avy amin'ny voankazo garana indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Be vitamina A, C.
- Misy Potassium , Calcium, Magnesium , fer ary fibre.
- miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Tsara ho an diabetika.
- Tsara ho an'ny olona ambony tosi-drà.
- Tsara ho an'ny fo sy ny lalandrà ary mampikorina rà tsara ao amin'ny vatana.
- Mampidina ny stress na rarintsaina.
- Miaro amin'ny aretina Cancer, na homamiadana.
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina.
- Tsara ho an'ny hoditra.
- Tsara ho an'ny saina , atidoha.
- Tsara ho an'ny olona manana aretin'ny taovam-pisefoana.
- Manampy amin'ny torimaso.
- Tsara ho an'ny vehivavy mitondra vohoka.
- Manala tavy , manampy amin'ny fanalana tavy.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Tanibe distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Tanibe distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Tanibe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 16 mandrafitra ny distrikan'i Mananara Avaratra. Any afovoan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, saria 571 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any Tanibe ny jirofo, ny lavanila, ny kafe, ny vary. Ahitana voankazo isan-karazany koa any, toy ny letchi, ny manga.



DR. R. FABRICE

# Tsy mampandroso ny « Malgache », mila ovaina “Gasitsara”

*Nahitsy ny fanehoan-kevitra nentin'ny Dr. Randriamahenina Fabrice, mpandinika fiarahamonina, mpitsabo, manoloana ny fahantrana lalina iainan'ny firenena ankehitriny. Miainga amin'ny kolontsaina ny vahaolana natolony ho fialana malaky amin-dRafahantrana.*



Dr. Randriamahenina Fabrice, mpandala ny kolontsaina malagasy.

Mila mandray andraikitra anatin'ny sehatra misy azy ny isam-batan'olona ka hanatanteraka ilay hoe : « Soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra ny mpitondra sy ny vahoaka. Izay no fanoitra mahomby ahafahana miala anatin'ny lavaka lalin'ny fahantrana iainan' ny Gasy ankehitriny, hoy ny Dr. Randriamahenina Fabrice.

Ny indro kely ho amin'ny fanatanterahana izany anefa dia efa nozarazarain'ny firehan-kevitra maro be toy ny politika, antokom-pinoana ny fianam-piaraha-monina misy antsika ankehitriny. Vokany, niteraka fisaraham-bazana, fiandrasana kendritohina, , toe-tsaina tia kely ary teraka hatramin'ny fanamparam-pahefana amin'ny sehatra rehetra izany.

Mila manova toe-tsaina, araka izany, isika raha te hiala amin'ny fahantrana. Haverina ny fandalana ny fihavanana, ny fanajana ny hafa, tia mamokatra, mankafy ny fifandraisana (Serasera), toe-tsaina tia mikaroka, mamorona, manangona sy manangana. Raha ny isam-batan'olona no manana ireo toe-tsaina ireo ary miaramientana, azo inoana sy antenaina fa hiova ho amin'ny fahatsarana kokoa ny fiainantsika.

Tsy ho mora anefa ny hamboly indray ireo toetsaina ireo eo amintsika fa mila paikady. Ny anarana fiantsoana ny firazanantsika no entina hanatanterahana izany sy hanairana ny hambom-po ao amin'ny tsirairay. Tsy iadian-kevitra tokoa mantsy fa ny soatoavin'ny Gasy dia mino tanteraka ny hasin'ny teny sy ny hery ananany. Maro amintsika no mety ho diso hevitra fa io teny tenenintsika isanandro vaky io dia tsy misy dikany. Aoka tsy ho hadinointsika mianakavy fa ireo teny rehetra aloakan'ny vavan'ny manampanahy dia manan-kery eo amin'ny habaka (Tontolo) manodidina azy.

Tsy mety amin'ny Gasy manam-panahy, arak' izany, ny fiantsoana azy hoe : « malgache ». Maro no efa mahazo ny dikan'ny hoe : « mal » eo anoloan'ny « gache ». Ampahany amin'ireo antony mahatonga ny fahantran'ny Gasy, araka izany, io fiheverana antsika mandraka ankehitriny ho « mal » io. Firenena azo ambara ho mpiondana sy mpandala ny teny frantsay isika. Ny ankamaroan'ireo firenen-dehibe ifandraisana amin 'ny fifanakalozana ara-barotra anefa saika efa mampiasa ny teny anglisy avokoa. Sakana ho amin' ny fampandrosoana ny toe-karena, araka izany, ny tsy fahaizantsika mifehy ny teny vahiny ankoatry ny teny frantsay.

Ny fahenoana miverimberina ilay voambolana hoe « mal »dia miafara hatrany am-parahatokany ny tsirairay ary indrisy, fa mibaiko ankolaka ho « mal » ny fandrenesana izany isan'ora sy isa-minitra ka ekenao.

Mila hovaina ny anarana « malgache » ary angatahana amin'ireo fahefana mahefa isan'ambaratonga ny fanatanterahana izany. Mety misy ny alaim-panahy ka hihevitra fa kely sy bitika iznay, saingy araka ny efa voambara tetsy aloha dia manana ny heriny sy ny hasiny ny teny. Fahantrana sy fahasahiranana hatrany no nentin'ity fiantsoana antsika ity hatramin'izay. Tolokevitry ny Dr. Randriamahenina Fabrice, araka izany, ny hampiasana ny anarana hoe : « Gasitsara ». Anarana izay hivimbina ny soa, ny fanambinana ary ny endrim-pahatsarana amin'ny lafiny rehetra. Anarana hifampitaomana ihany koa hanao ny soa mandrakariva. Raha tanteraka izany, « Ho sambatra sy ho finaritra tokoa ity tanindrazana malalantsika ity ! ». Saino sy diniho !

***Lalasoa Razafindrakoto***

Tranombarotra Baolai

# Volana martsa hiavaka miaraka aminy

Rehefa amin ' ny vanimpotoana toy izao dia tsy vitsy ireo izay misafidy ny hanavao ny ao an-tokantrano ao. Hanampy betsaka ny daholobe amin'izany ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely, Soarano ary ao Bazar - be Toamasina. Vao nahatonga entana loha- laharana amin' ny kalitao izy ireo toy ny Télé Led marika « Jeyoo », misy 17- 19- 22 ary 24 pouces ( misy antoka 1 taona). Ary hoan' ny marika « Hisense » dia misy machine à laver double barre sy ny Laser Tv 100 pouces. « Maro azo isafidianana tsara ny entana ato aminay. Ao ny réfrigérateur ( izay mitazona ny hatsiaka 135 ora aorinan'ny delestazy), table de mixage, panneaux solaires mono sy polychristalline, subwoofer, mini radio baffle bluetooth solaire, Smartphone, four à gaz sy elektrika, synthétiseur, machine à café à capsule, climatiseur isankarazany. Ary ny Smart Tv sy Télé Led misy manomboka 32 hatramin ny 85 pouces ( misy antoka 1 taona ), izay misy fihenambidy amin' izao fotoana izao hoan' ny marika « Jeyoo » manokana, Ny antsipirian'izany rehetra izany dia ho azo amin' ny pejy fb sy « site web »: baolai ary ao amin'ny laharana 020 22 308 48 - 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia hahafinaritra tokoa ity volana Martsa ho avy ity miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».

***Aly***




*Entana, anisan'ny hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

Rakool any Alger

# Hiakatra kianja voalohany amin'ny alahady izao

Hiakatra kianja voalohany any Alger Rakool na i Koloina Razafindranaivo, amin'ny alahady 26 febroary 2023 hariva ho avy izao, ao anatin'ny andro faha-17 ny fifaninanana Ligue 1 Alzeriana. Ny ekipan'ny Us Biskra, izay laharana faha-11 amin'ity fifaninanana ity, no hifampitana amin'ny ekipan'ny Mouloudia Club d'Alger laharana faha-4, ka misy an-dRakool. Marihana fa ny ampitson'ny nahatongavany tany Alger dia efa nanaraka ny fanazarantena niaraka tamin'ireo mpiara-milalao aminy ao amin'ity ekipan'ny Mouloudia Club d'Alger ity Rakool.

***Rainilita***



*Rakool any Algerie.*

Mozika vaovao

# Nanajary ny Rootstakah ry « I'saha »



*Elysé, namorona ny tarika « I'saha ».*

Ny fampifangaroana sy ny fitadiavana ny marimaritra iraisana amin'ireo gadona toto tanana avy eto Gasikara, amin'ireo mozikan' ireo Vahiny hanjary hanome mozika miaina sy mahafinaritra ary kanto. Io, hoy i Ratianjanahary N. Elysé « I'saha » no atao hoe : « Rootstakah ». Ampahany amin'ireo fikarohana lalina efa vitan'ny lehilahy ny fampiarahana ny salegy amin'ny jazz, ny baoejy laroina folk, sns... Ireo trangam-piaraha-monina no akora fototra entin' « I'saha » manefy ireo tononkirany mikitra hafatra. Ampahany amin'ireo vazo nahafantarana ny tarika ny «Fo fitiavagna haharitry », « tsara tsy manahy », « azafady ».

Mikaroka sy mamorona ary mametraka mozika mahafinaritra sy kanto ary mateza ho lova sarobidy ho an'ireo taranaka malagasy. Ireo amin'ny ankapobeny no nanosika an-dRatianjanahary N. Elysé, nanangana ny tarika « I'saha » sy nanajary ny gadona vaovao « Rootstakah ». Ho mora kokoa, hoy i Elysé ny hanatobaka ny kanto an-kira malagasy nentim-paharazana eo anivon'ny tsena manerantanin'ny mozika, raha toa ka tsy mionona fotsiny amin'ny fivoizana azy ireny ny Mpanakanto fa mikaroka ny fomba entina hanatsarana izany hatrany anatin'ny fanarahana ny fenitry ny « Kanto ». Raha tanteraka izany, tsy hatahotra ary afaka miatrika ny fifaninanana ny mozika malagasy.

Vinanasan'ny tarika « I'saha » ny hamoaka ny raki-kirany voalohany, hisalotra ny anarana hoe : « vavaigny » amin'ity taona ity. Ho azo antoka ny ho avy mamiratry ny mozika Malagasy, raha toa ka tsy mionona amin'ny fanaovana dika mitovy be fahatany tsy mitera-bokatsoa toy ny misy ankehitriny ireo mitonona ho « Mpanakanto », fa manompana ny sehatrasany ho amin'ny asa fikarohana toy ny ataon'ny tarika « I'saha ». Ny soa mantsy fianatra e !

***Lalasoa Razafindrakoto***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**25/02/2023 hatramin'ny 03/03/2023**

- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 038 37 007 07/032 11 220 11
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **PROVIDENCE** (Andohan' Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**


Fametrahana 1406-02-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

## ALASORA AVARADRANO

# Ho averina amin'ny kaominina ny labatoara lasan'ny sinoa

Mitohy ireo ezaka efa natao amin'ny fanaovana fotodrafitrasa ao amin'ny kaominina, hoy ny ben'ny tanànan'Alasora Avaradrano, Jimmy Randriantsoa, tafaresaka tamin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao. Mahakasika ny labatoara izay an'ny kaominina, fa namidin'ny mpitondra teo aloha tamin'ny sinoa, miezaka ny mifampiresaka ny hamerenana izany amin'ny kaominina Alasora amin'izao fotoana ny mpitantana ny tanàna, satria ny teo lasan'ny sinoa, ny labatoara vaovao anefa tsy vita. Ezaka mbola ho tohizana amin' ity taona ity hoy ny ben'ny tanàna, ny fanomezana jiro ireo fokontany mbola tsy misy izany dia ny any amin'ny fokontany: Mahitsy, Ankadievo, Mahatsinjo, izany dia ao anatin'ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana ao amin'ny kaominina koa. Ezahana hasiana jiro avokoa ireo lalambe aloha, izay vao hiditra amin'ny any an'elakelantrano. Eo amin'ny lafiny fanabeazana, mitohy ny fanatsarana ireo sekoly efa ratsy ao amin'ny kaominina. Ny trano sekoly, ravan'ny rivodoza tamin'ny taona 2021 dia eo am-pitadiavana mpiara-miombon' antoka ho fanarenana izany izy ireo amin'izao fotoana. Ho fampakarana ny tahan'ny afaka fanadinam-panjakana ao amin'ity tanàna ity, hitohy ny fanaovana cours maimaimpoana ho an'ireo mpianatra hanala fanadinana BEPC sy bacc. Hisy hatrany koa ny fiahiana ara-tsakafo ireo mpianatra hanala fanadinana CEPE. Ny fanamboarana sy fikojana ny lalana dia mitohy mandavan-taona ao Alasora. Ny fanadiovana ny tatatra sy ny lakandrano, efa tamin'ny maintany no nanatanteraka izany ny fiadidiana ny tanàna ho fiatrehana izao fotoam-pahavaratra izao. Nambaran'ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa ihany koa, fa mahavelontena ny kaominina Alasora, satria isaky ny faha-20 ny volana hatrany dia mandray karama ny mpiasan'ny kaominina. Ny hoenti-manana amin' ny fanaovana foto-drafitrasa no tsy ampy, ilana fanampiana amin'ny mpiara-miombon'antoka, hoy izy. Miha-tsara hatrany ny fampidiran-ketra ao amin'ity kaominina ity, raha 10% tamin'ny taona 2020, niakatra 37% tamin' ny taon-dasa 2022, ary heverina mbola ho tsara kokoa noho izany amin'ity taona 2023 ity.



*Ny ben'ny tanànan'Alasora, Jimmy Randriantsoa.*

***Nangonin'Isambilo***

Antsiranana faha-2 faritra Diana

# Aretina hafahafa, omby am-polony no efa maty

Misy aretina hafahafa mitranga amin'izao fotoana any amin'ny distrikan'Antsiranana faha-2 faritra Diana, vokany: omby am-polony no efa maty araka ny vaovao voaray. Tranga miseho any Diego II, tsara jeren'ny tomponandraikitra ara-pahasalamana sao hiitatra ny loza. Any amin'ny kaominina Mosorilava, distrikan' Antsiranana faha II, no ahitana io aretin'omby hafahafa io. Tsy vitan'ny misy mivontovonto ny omby fa mamono ny biby tratran'ity aretina ity. Tsy misakafo ihany koa izy ireo ary efa am-polony mahery noho izany no maty noho ity aretina ity.
Raha ny fantatra dia mety hifindra amin'ny olom-belona izy io ary nohamarinin'ireo mponina fa efa misy koa ny olona tratrany.

***Stefa***




*Omby marary any Antsiranana faha-2.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 424**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0423)


***Mitsivalana***

- Kitoatoa
- OH
- Rehareha
- Amidy
- Niaiky
- Roa – Ndao
- Ao – Ray

***Mitsangana***

- Karatra
- EM – OO
- Tehina
- Ady
- Aoriana
- The – Idy
- Haka
- Asa – Toy (miv)

## TENY MIFANARAKA N° 424




**Mitsivalana**

**1.** Tsy lavitra, akaikikaiky **2.** Seranana malaza – Mari-bola **3.** Hain-teny **4.** Foto-tenin'ny Mijanona (BL) – Marika **5.** Tovona – Vohitra masina **6.** Renintsoratra tsy mitovy – Maizina **7.** Maridrefy – Marary (miv) **8.** Anarina, lazaina **9.** Fanontaniana – Fanadinana **10.** Karatra – Ambany - Tamy

**Mitsangana**

**A.** Mikambana **B.** Toetra ratsy – Heno **D.** Nametraka fanontaniana **E.** Miaraka amin'ny laona (miv) – Eka **F.** Kapoka – Loko (miv) **G.** Hita amin'ny voninkazo **H.** Fenomanana **I.** Tsy ekena **J.** Nahodina – Fahita lavitra **K.** Fiandohan'ny aretina - Varotana

## Valiny Teny mifanaraka 0423

**Mitsivalana**

**1.** Manodidina **2.** Avy - Olona **3.** Mifanaraka **4.** Paika - Ha (miv) **5.** Na - Orana (miv) **6.** Niditra - Id **7.** RK - BNI **8.** Aizina **9.** EM - Noa - Soa **10.** Ady - Tsihy

**Mitsangana**

**A** Mampandre **B.** Avia - Ma **D.** Nifindra **E.** Akaikiny **F.** Dona - Zo **G.** Ila - Taitra (miv) **H.** Dorana **I.** Ina - Basy **J.** Nakarin(a) - OH **K.** Ahodinay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Voasakan'ny mpitandro filaminana ny hetsika fifampiarahabana tratry ny taona, saika hataon'ny TIM avy amin'ny Boriboritany 6 eto Antananarivo, tao amin'ny Magro Behoririka.**





**Noho izay antony izay, nirohotra nandeha an-tongotra, nihazo teny Bel'Air ny rehetra misy ny foiben'ny TIM ny rehetra, avy eny amin'ny Magro Behoririka.**





**Vory lanona tao Bel'Air avy eo ny rehetra. Tonga tampoka tao, ny filoha Marc Ravalomanana.**







